

World Theatre Day, 27 March 2016

Journée Mondiale du Théâtre, 27 mars 2016



Message: Anatoli Vassiliev, Russia

Message

Nataon'i Anatoli Vassiliev

Ilaintsika ve ny teatra ?

Izany no fanontaniana apetrak'ireo mpilalao teatra matihanina an-tapitrisany toa diso fanantenana, sy ireo an-tapitrisany toa vizana ny aminy.

Fa inona no ilantsika azy ?

Amin'izao androntsika izao, raha ampitahaina amin'ireo tanàna sy ireo Fanjakana izay ahitana adim-piainana lalaovina isan'andro, dia toa tsy misy dikany ny sehatra.

Fa inona àry ny teatra ho antsika ?

Moa ireo trano mihaja mbamin'ny seza misarim-bolamena, moa ireo seza vita amin'ny vilory, moa ireo feo feno fahendren'ny mpilalao teatra, moa ny mifanohitra amin'izany, dia zavatra toa hafahafa : ireo « black box », mihosom-potaka sy ràn'ireo nofo maro mihanjaka feno hatezerana anaty.

Inona no azony ambara amintsika ?

Tsy inona fa ny zava-drehetra.

Maneho ny zava-drehetra tokoa ny teatra.

Toy ny hoe ireo andrianina ao am-paradisa, ny fomban'ireo mpigadra mifatratra any andava-tany adino any ambany tany any, na hoe nahoana no anandratany fihetsehampo antsika ho ambony kokoa, nahoana no famotehan'ny fitiavana antsika, na nahoana no tsy isian'ireo mahatsiaro ho mila olon-tsara eto amin'izao tontolo misy antsika izao, nahoana no anjakan'ny fahadisoam-panantenana, na nahoana no misy mipetraka any amin'ny trano hari-fomba kanefa misy zaza maro mifatratra any amin'ireo tobin'ny mpialokaloka, dia ahoana koa ny tsy maintsy hiverenan'izy ireny any an-tany hay, ary nahoana isan'andro, nahoana isika no tsy maintsy sarahina amin'ireo tiantsika. – Afaka manambara zavatra maro tokoa ny teatra.

Eo foana, anilantsika eo, ny teatra ary ho eo lalandava.

Ary tao anatin'ny 50 na 70 taona laza izay, dia vao mainka ilaina izy. Fa raha manopy maso amin'ireo zavakanto natokana ho an'ny maro isika, dia hahita fa ny teatra irery ihany no afaka mampita amintsika : teny miampitapita, fijery mitopy amin'ny maso, fihetsiky ny tàmàna mifampiampita, sy vatana afa-mifandray.

Tsy mila mpanelanelana ny teatra rehefa hiasa amin'ny zanakolombelona. Izy no faritra lehibe indrindran'ny fangaraharana, tsy an'ny tavaratra, na ny tatsimo, na ny tatsinanana ny ny tandrefana

If you need a Word file instead of a PDF file of the message, please write to info@iti-worldwide.org.

Copyright © 2016 by Anatoli Vassiliev and ITI, France

World Theatre Day, 27 March 2016

Journée Mondiale du Théâtre, 27 mars 2016



Message: Anatoli Vassiliev, Russia

irery ihany izy. O ! tsia dia tsia, fa izy no antom-pisian'ny hazavana, mamirapiratra amin'ny lafy valo rehetra ary avy hatrany dia takatry ny olon-drehetra, na ny tia na ny tsy tia azy.

Fa ilaintsika koa ny ny teatra amin'ny endriny rehetra rehetra, eny amin'ny fisehony rehetra.

Na izany aza, dia mino aho, fa amin'ny endriky ny teatra rehetra misy, dia ilay dia ilay endriny fahagola no indro tena hivoitra

Ny teatra amin'ny endriny maneho fomban-drazana dia tsy tokony hampifandrafiana amin'ny endriny any amin'ireo Firenena antsoina hoe « mandroso » .Ny kolontsaina tsy miankina dia tadiavina hoforaforaina ankehitriny ary ny antsoina hoe « vaovaon'ny kolontsaina » dia manolo ary manilika tsikelikely ireo fototra tsotra, ary voailika toy izany koa ny fanantenantsika hamantatra azy ireny indray andro any.

Fa mahita mazava kokoa aho ankehitriny : manokatra midanadana ny varavarany ny teatra. Malalaka ny fidirana ho an'ny rehetra.

Atao veloma any ireo kilalao mbamin'ny ôridinatera.- Ndao hijery teatra ! Fenoy avokoa ny toerana rehetra, henoy ary jereo ny sary velona ! eo an-tanantsika ny teatra, aza atao tsinontsinona ary aza dinganina ny fahafaha-mandray anjara aminy – angamba izany no endrika tsara indrindra hahafahantsika mifampizara amin'izao fiainana miha-ratsy sy hazakaza-dava izao.

Eny e ! ilaintsika ny endika teatra rehetra.

Endrika teatra iray ihany angamba no tsy ilaintsika rehetra – ny Teatran'ny lalao pôlitika, ny teatran'ny « tranom-boalavon»n'ny pôlitika, ny teatran'ny mpanao pôlitika, ny teatra mpandozan'ny pôlitika. Ny tena tsy ilaintsika, dia ny teatran'ny horohoro miseho isan'andro. – Na ho an'ny tsirairay avy na ho an'ny rehetra, izay tsy ilaintsika, dia ny teatran'ny faty mikararana sy ny rà mandriaka atao eny an-dalambe sy eny an-kianjam-bahoaka an-drenivohitra sy any amin'ny faritra, dia ny teatra mpihatsara ivelatsihin'ny fifandonana eo amin'ny samy finoana na eo amin'ny tsy fitoviam-piaviana samihafa ...

Translation into Malagasy by: Jean Victor Rajosoa

If you need a Word file instead of a PDF file of the message, please write to info@iti-worldwide.org.

Copyright © 2016 by Anatoli Vassiliev and ITI, France

World Theatre Day, 27 March 2016
Journée Mondiale du Théâtre, 27 mars 2016



Message: Anatoli Vassiliev, Russia

If you need a Word file instead of a PDF file of the message, please write to info@iti-worldwide.org.

Copyright © 2016 by Anatoli Vassiliev and ITI, France